

FANATSARANA NY FAMPIDIRAM-BOLA IFOTONY

APRILY 2020

Soa Afafy Hampahomby ny ho Avy

LA BANQUE MONDIALE
BIRD • IDA | GROUPE DE LA BANQUE MONDIALE

GPSA
GLOBAL PARTNERSHIP FOR SOCIAL ACCOUNTABILITY

FIZAHAN-TAKELAKA

FAMPIDIRANA..... 4
TARI-DALANA FAMPIHARANA NY TAMBERIN'ANDRAIKITRA
AMIN'NY FITANTANANA NY TETIBOLA KAOMINALY 6
2.1 Ireo tsara ho fantatra mahakasika ny tetibola..... 8
2.2 Tari-dalana famakiana ny tetibola kaominaly 11
2.3 Taridalana fanaovana tatitra sy fandalinana
ny fanatanterahana ny tetibola kaominaly.....14
2.4 Fitantanana atrikasa fanaovana tatitra sy fandalinana
ny tetibola kaominina 18
3.1 NY TOMBOTSOA AMIN'NY FANANANA FIDIRAM-BOLA ANATINY
MATANJAKA SY MAHARITRA.....23
3.1.1. Ny antony hanatsarana ny fampidiram-bola.....23
3.1.2 Ny fepetra mampahomby ny fampidiram-bola anatiny.....24
3.1.3 Ireo mpisehatra amin'ny fanatsarana ny fidiram-bola ifotony.....24
3.1.4 Ireo loharanom-bolan'ny Kaominina voafaritry ny lalàna.....25
3.2 IREO DINGANA ARAHINA 27
3.2.1 Dingana 1 : Fanomanana..... 27
3.2.2 Dingana 2 : Famolavolana ny paikady hanatsarana
ny fampidiram-bola anatiny 30
3.2.3 Dingana faha 3: Fanantaterahana ny paikady sy fanjohina 33
3.2.4 Dingana faha 4 : Fanombanana sy fanaovana tamberin'andraikitra 35
TOVANA.....39

TOVANA

TOVANA 1 : Takelaka milaza isaky ny sokajim- bola miditra 40
TOVANA 2 : Tabilao fanombanana miaraka ny zava-misy ankehitriny 42
TOVANA 3 : Modelin'ny drafitrasa. 43
TOVANA 4 : Fanamarinana fivoaham-bokatra 44
TOVANA 5 : Fanomezan-dàlana hitrandraka « carrière » 45
TOVANA 6 : Tabilao fanjohina sy fanombanana ny fanatanterahana ny asa fanatsarana voafaritra. Daty nanaovana ny fanjohina 46
TOVANA 7 : Tabilao fanjohina sy fanombanana ny vola miditra isantsokajiny (tableau de bord fiscal) 47
TOVANA 8 : Tabilao fanaovana tomban'ezaka 48
TOVANA 9 : Taratasy fitakian-ketra (avis d'imposition) 49
TOVANA 10 : Tsiahy ny fanatsarana ireo loharanom-bola fototra iombonan'ny Kaominina amin'ny ankapobeny 50
TOVANA 11 : Boky fanaraha-maso ny asa fampidirambola ny kaomina 52

1

FAMPIDIRANA

Tanjon’ny tari-dàlana



Hanampiana ireo tompon’andraikitra eny anivon’ny Kaominina mba hananany fahavononana sy fahalàlana amin’ny fanatsarana ny fampidiram-bola ao aminy.

Ny Fomba fampiasana azy

Misokajy toy izao ny fomba fampiasana ity tari-dàlana ity:



- Hanampiana ny Kaominina amin’ny fampiharana ireo dingana hanatsarana ny fampidiram-bola;
- Mifameno amin’ireo torolàlana hafa efa misy momba ny fampidiran-ketra ka afahana mitondra fanazavana mba hamahana sakana na olana miseho mandritry ny fanatanterahana ny paikady.

Ny votoatiny

Mizara roa mazava tsara ity tari-dàlana ity:

Ny tombotsoa amin’ny fananana ny fidiram-bola anatiny matanjaka sy maharitra eny anivon’ny Kaominina,



Ny antsipirihin’ireo dingana arahina amin’ny fanatsarana ny fampidiram-bola anatiny:

- ny asa na hetsika atao;
- ny fitaovana ampiasana amin’izany;
- ny vokatra andrasana;
- ny fanamarihana manokana tsara ho fantatra.

2

TARI-DALANA FAMPIHARANA NY TAMBERIN'ANDRAIKITRA AMIN'NY FITANTANANA NY TETIBOLA KAOMINALY

Tanjona :

- Fampandraisana anjara ny olom-pirenena amin'ny fizohiana ny fitantanana sy fampandrosoana ifotony.
- Fanamafisana ny fangaraharan'ny fitantanam-bola eo anivon'ny Kaomina;
- Fampahafantarana amin'ny mpikambana RIF ny fizotry ny fitantanam-bola eo anivon'ny Kaomina sy fanamafisana ny fitantanana mangarahara;
- Fanamafisana ny tamberin'andraikitra ataon'ny mpitondra sy ny fametrahana ny fitantanana mangarahara ;

Fomba fiasa :

- Fanatanterahana atrikasa iarahana mpisehatra samihafa.

Mpandray anjara :

- Birao mpanatanteraka (Ben'ny tanàna sy Tompon'andraikitry vola eo anivon'ny Kaomina)
- Mpanolotsaina Kaominaly;
- Mpikambana Rafitra Ifotony Fikaonan-doha.

Fitaovana ilaina :

- Tahirin-kevitra momba ny tetibola (tetibola, kaontim-pitantanana)

2.1 Ireo tsara ho fantatra mahakasika ny tetibola....

2.1.1 Famaritana:

- **Sora-draharaha** iray entina **maminavina** sy **manome alàlana** ny **fampidiram-bola** sy ny fandaniana ho an'ny Kaomina.
- Arafitra ny tetibola ho hampiharina mandritra ny taona iray, manomboka **ny 01 janoary ka hatramin'ny 31 desambra**.
- Ny tetibola izay efa voafidin'ny Filan-kevitra kaominaly ihany no azo ampiharina.

Tetibola fandaharan'asa **(Budget de programme)** : Ny teti-bola dia maneho ny fitambaran'ny fandaharan'asa mikendry ny fampandrosoana ara-toekarena, ara-tsosialy, sy ara-kolontsain'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ary ny fiarovana ny tontolo iainana.

2.1.2 Anton'ny hametrahana ny tetibola:


- Fanomezana fahafaham-po ny filàna sy ny tombotsoan' ny Kaomina sy ny Mponina ao aminy;
- Fototry ny fanatanterahana ny Drafitra Fampandrosoana ny Kaomina sy ny asa atao ao anatin'ny taona iray;
- Fanatanterahana ny asa hanatrarana ny Vina sy Tanjona kendren'ny Kaomina;
- Fanatanterahana ny anjara raharaha sy ny andraikitry ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana;
- Fitaovana fampahafantarana ny Filankevitra kaominaly ny fitantanana ara-bolan'ny Kaomina.

2.1.3 Tahirin-kevitra momba ny teti-bolan'ny Kaomina:

- **TETIBOLA FOTOTRA (Budget primitif)**: tahirin-kevitra voalohany mikasika ny teti-bola, ka ahitana ny tomban'ny fidiram-bola sy ny fandaniana mandritra ny taona na mikasika ny fampandehanan-draharaha na ny fampiasam-bola. Ampiarahina amin'izany ny tahirin-kevitra fandrefesana ny vokatra mifandraika aminy.
- **KAONTIM-PITANTANANA (Compte administratif)**: maneho ny vokatry ny fanatan-terahana ny teti-bola tamin'ny taom-pikatrohana teo aloha
- **TETIBOLA FANAMPINY (Budget additionnel)**: maneho ny sora-bola fanampiny vokatry ny taom-pikatrohana teo aloha sy ny ambiny tokony hotanterahina araka ny hita ao amin'ny kaontim-pitantanana
- **TETIBOLA FANOVANA (Budget rectificatif)**: ahitsy ny tetibola fototra raha misy fidiram-bola vaovao na fandaniana vaovao tsy mbola voarakitra na fanovana ny sora-bola anatin'ny teti-bola fototra
- **FANDAHARAN'ASA FAMPIASAM-BOLAM-PANJAKANA MANDRITRA NY TELO TAONA (Programme d'Investissement Public triennal)**

2.1.4 Dingana arahina

Ny Tsingerin’ny Tetibola Kaominaly.



Fandrafetana ny teti-bola fototra

DINGANA ARAHINA		TOMPON' ANDRAIKITRA	FOTOANA
FANOMANANA NY TETIBOLA FOTOTRA (taona n+1)		Birao mpanatanteraka	Manomboka ny volana Janoary (taona n)
FANDRAFETANA TETIBOLA FOTOTRA (taona n+1)	FAKAN-KEVITRA ENY IFOTONY sy FANAOVANA TOLO-KEVITRA eo @ Birao mpanatanteraka	Rafitra Ifotony Fikaonan-doha (RIF =SLC)	Mai (taona n)
	FANDRAFETANA NY TETIBOLA	Birao mpanatanteraka	Jolay - Aogositra
	FANKATOAVANA NY TETIBOLA FOTOTRA	Mpanolotsaina Kaominaly	Fivoriana ara-potoana faharoa Manomboka ny tapaky ny Volana AOGOSITRA (taona n-1) Faharetany: 15 andro
	CONTRÔLE DE LEGALITE	Lehiben'ny Distrika	Rehefa vita ny fanka-toavana ataon'ny mpano-lotsaina dia alefa any @ Distrika ny tetibola (vita alohan'ny 31 Desambra taona n)
FANATANTERAHANA TETIBOLA SY FIZOHIANA	FAMPAHAFANTARANA NY TETIBOLA ↘ @ alalan'ny afisazy ↘ Tatitra eny ifotony	Birao mpanatanteraka + SLC	Janoary (taona n+1)
	FANATANTERAHANA NY TETIBOLA	Birao mpanatanteraka	Janoary – Desambra
	FIZOHIANA	SLC, Mpanolotsaina kaominaly	

Fandrafetana ny KAONTIM-PITANTANANA SY TETIBOLA FANAMPINY ARY TETIBOLA FANITSIANA

DINGANA	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOANA
FANAOVANA KAONTIM-PI-TANTANANA (taona n)	Birao mpanatanteraka	JANOARY – MARTSA (taona n+1)
FANDRAFETANA TETIBOLA FANAMPINY (taona n+1)	Birao mpanatanteraka	MARTSA (taona n+1)
FANKATOAVANA NY KAON-TIM-PITANTANANA sy TETIBOLA FANAMPINY	Mpanolotsaina kaominaly	Fivoriana ara-potoana voalohany Volana MARTSA (taona n+1)

DINGANA	TOMPON'ANDRAIKITRA	FOTOANA
CONTRÔLE DE LEGALITE	Lehiben'ny Distrika	APRILY (taona n+1)
TATITRA FAMPAHAFANTA-RANA NY FAMPIASAM-BOLA NY TAONA TEO ALOHA EO AMIN'NY RIF	Birao mpanatanteraka	MAI (taona n+1)
FAMPAHAFANTARANA NY KAONTIM-PITANTANANA @ alalan'ny afisazy	Birao mpanatanteraka	MAI (taona n+1)
FANITSIANA TETIBOLA	Birao Mpanatanteraka	Tanterahina rehefa misy fanitsiana tokony atao (ohatra: famatsiam-bola vaovao)
FANKATOAVANA NY TETIBOLA NASIAM-PANIT-SIANA	Mpanolotsaina Kaominaly	Fivoriana tsy ara-potoana

2.2 Tari-dalana famakiana ny tetibola kaominaly

Faharetany :

- 1 Andro

Paika :

- Fanazavana miainga amin'ny firafitry ny tetibola.

Firafitry ny tetibola kaominaly

Sokajy	Fandaniana	Fampidiram-bola
1. FAMPANDEHAN-DRAHARAHA (fonctionnement)	↘ Fandaniana ho fa-mpandehanan-dra-haraha (Karama sy fitaovana ary kojakoja); ↘ Fandaniana hafa sy tsy ampoizina; ↘ Fanampiana sy fan-draisana anjara; ↘ ...	↘ Vola miditra avy @ hetra; ↘ Vola miditra tsy avy @ hetra; ↘ Fanampiana avy amin'ny fanjakana foibe na hafa; ↘ Vola alaina amin'ny fananana sy ny raharaha; ↘ ...
Totaly 1		

Sokajy	Fandaniana	Fampidiram-bola
2. FAMPIASAM-BOLA *(investissements)*	↘ Asa fandalianana (recherche / étude); ↘ Asa fanorenana na fanamboarana na fanavaozana foto-drafitrasa ; ↘ Fampitaovana; ↘ ...	↘ Fanampiana amin'ny fampiasambola; ↘ Tolotra sy fanomezana; ↘ Ampahany amin'ny fidirambola manokan'ny (farafahakeliny 15%) ↘ ...
Totaly 2		
TAMBATRA (1+2)		

2.2.1 SOKAJY

Ahitana **sokajy roa** ao anatin'ny teti-bola :

- Sokajy voalohany dia mamaritra **ny fampandehanan-draharaha** (fonctionnement) na amin'ny fidiram-bola na amin'ny fandaniana ;
- Sokajy faharoa dia mahakasika **ny fampiasam-bola** (investissement), ka maneho ny fidiram-bola anaovana fampiasam-bola sy ny soritr'asa hampiasana izany.

2.2.2 FANDANIANA

Ny fandaniana voasoratra anatin'ny teti-bolan'ny Kaomina dia ahitana ny fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha sy ny fandaniana ho an'ny fampiasam-bola.

Ny **FANDANIANA HO AN'NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA** dia ahitana indrindra ny :

- **Fandaniana momba ny mpiasa** (Salaire et accessoires) : karama, tambin-karama, latsakemboka, fiahiana ara-tsosialy, fandraisana anjaran'ny mpampiasa sy ny fandraisana anjara amin'ny tahirim-bola ho an'ny fisotroan-dronono ;
- **Fividianana kojakoja sy fitaovana ho fampandehan-draharaha** (achats des biens de fonctionnement général, spécifique et carburant) : fitaovana madinika sy kojakoja birao, fanamiana, solika sy menaka
- **Fandaniana samihafa** : fikojakojana ny trano, fikarakarana fety aman-danonana, jiro sy rano, fifandraisana ...
- **Famindram-bola /fandraisana anjara amin'ny teti-bola fampandehanan-draharaha amin'ireo sampan-draharaha** CSB sy EPP ... (transfert de subvention) ;

Ny **FANDANIANA HO AN'NY FAMPIASAM-BOLA** dia ahitana ny

- **Fandaniana amin'ny fananana mifaka mivaingana na tsia** (dépenses pour immobilisations corporelles et incorporelles),
- **Fandaniana amin'ny fampitaovana vaventy, fananganana/ fanatsarana trano sy fotodrafitr'asa**, ary ny fividianana fitaovana mikasika izany asa izany.

2.2.3 FIDIRAM-BOLA

Ny fidiram-bola voasoratra anatin'ny teti-bolan'ny Kaomina dia ahitana ny fidiram-bola ho an'ny fampandehanan-draharaha sy ny fidiram-bola ho an'ny fampiasam-bola.

Ny **FIDIRAM-BOLA HO AN'NY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA** dia ahitana indrindra ny :

- **Fidiram-bola avy amin'ny hetra** *(recettes fiscales)*
  - Hetra azo avy amin'ny fidiram-bolan'ny olona (impôts sur les revenus, bénéfices et gains): hetra vokatry ny varotra na asa mampidi-bola ;
  - Hetra alaina amin'ireo fananana (impôts sur le patrimoine) : hetra trano, hetra tany, vignette bicyclette...
  - Hetra alaina amin'ireo hetsika/asa mampidi-bola ao @ faritry ny Kaomina (impôts sur les biens et services) : hetra alaina amin'ny fety amam-danonana, fanaovana dokam-barotra, famonoana biby fiomby (omby, kisoa) ...
- **Fidiram-bola tsy avy amin'ny hetra** *(recettes non fiscales)* : Tamberim-bidy (redevance/ ristourne), vola azo avy @ tolodraharaha eo amin'ny Kaomina (Fanaovana kopia, fanamarinan-tsonia...), Haba alaina amin'ny fangatahana isan-karazany (famadihana, asa fanorenana...)
- **Fidiram-bola vokatry ny fampiasana ny tany sy ny fananana** (Produits des activités annexes et accessoires): sara aloa @ tsena (droit de marché), saram-piantsonana fiarakodia, fampanofana tany na tranon'ny Kaomina ...
- **Fanampiana ara-bola ho an'ny fampandehanan-draharaha** (subvention de fonctionnement) : avy amin' ny fanjakana sy na sehatra tsy miankina

Ny **FIDIRAM-BOLA HO AN'NY FAMPIASAM-BOLA** dia ahitana indrindra :

- **Fanampiana manokana ara-bola azo ho an'ny fampiasam-bola ;**
- **Findramam-bola ;**
- **Tolotra sy fanomezana ;**
- **Vokatry ny fivarotana fananana sy ny tany na trano ;**
- **Ampaham-bola avy amin'ny fidiram-bola manokan'ny Kaomina** (part de recette propre affecté aux investissements), farafahakeliny 15%.

Ny Tambatry ny tetibola amin'ny fampandehan-draharaha sy ny fampiasam-bola no manome ny tetibola Kaominaly.

Mifandanja ny miditra sy ny mivoaka : **VOLA MIDITRA = VOLA MIVOAKA**

2.3 Taridalana fanaovana tatitra sy fandalinana ny fanatanterahana ny tetibola kaominaly

Fomba fiasa

- Fanomanana ny tatitra: famintinina ny tetibola sy ny kaontim-pitantanana ara-tsokajy (fampandehanan-draharaha, fampiasam-bola) sy isaky ny lohahevitra
- Fanatanterahana adihevitra handalinana miaraka ny tetibola na loabary andasy iarahana amin'ny mpisehatra isan-karazany

Fotoana

- Aorian'ny fahavitan'ny kaontim-pitantanana (vita contrôle de légalité Distrika)

MODELY FANAOVANA NY TATITRA ARA-BOLAN'NY KAOMININA (fanomanana ny tatitra)

VOLA MIDITRA

TAONA	2018			2019
Sokajy/ karazana VOLA MIDITRA	TETIBOLA VINAVINA	KAONTIM-PITANTANANA	TAHA (%)	TETIBOLA VINAVINA
FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA (fonctionnement)				
HETRA TAMBATRA (Impôt général sur les revenus, bénéfices et gains)				
HETRA TANY (IFT)				
HETRA TRANO (IFPB)				
HETRA HAFA: vignette, haba alaina @ dokam-barotra (taxe de publicité), famonoana biby (taxe d'abattage), fety aman-danonana, impôts licence foraine				
FANAMPIANA AVY @ FANJAKANA FOIBE ho fampandehanan-draharaha ho an'ny CSB, EPP, ETAT CIVIL ... (subvention de l'Etat pour le fonctionnement)				
TAMBERIM-BIDY avy @ Famoahana vokatry ny fambolena, fasika, biriky, hazo, vato (produits de ristournes: produits agricoles, forestiers, sables, briques, quartizite, pierre)				
FIKARAKARANA TARATASIM-PANJAKANA, FANAMARINAN-TSONIA, SORA-PIANKOHONANA, FANOMEZAN-DALANA (autorisations administratives, actes administratifs et Etat Civil, légalisation des signatures, droit d'installation et exploitation, fourrières...)				
TOTALIN'NY VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHAN-DRAHARAHA (total de recettes de fonctionnement)				
FAMPIASAM-BOLA (Investissements)				
FANOMEZANA avy @ vondrom-paritra itsinjaram-pahefana hafa (Dotations autres CTD)				
TOLOTRA sy FANOMEZANA (Dons et legs en capital)				
FANAMPIANA AVY @ FANJAKANA FOIBE (Subvention reçue de l'Etat)				
Ampaham-bola avy amin'ny fidiram-bola manokan'ny Kaominina, farafahakeliny 15% (part de crédit affecté aux investissements)				
AMBIM-BOLA ny TAONAM-PIASANA TEO ALOHA (Report à nouveau créditeur/ Résultats)				
TOTALIN'NY VOLA MIDITRA HO FAMPIASAM-BOLA (total de recettes d'investissement)				

Famintinana ny VOLA MIDITRA

TAONA	2018		2019
Sokajy	TETIBOLA VINAVINA	KAONTIM-PITANTANANA	TETIBOLA VINAVINA
FAMPANDEHA-NAN- DRAHARAHA *(fonctionnement)*			
FAMPIASAM-BOLA *(Investissements)*			
FITAMBARANY			

VOLA MIVOAKA (aseho isaky ny programme)

- **Programme 1 :** Administration et coordination
- **Programme 2 :** Développement social et économique

TAONA	2018			2019
FITSINJARANA	TETIBOLA VINAVINA	KAONTIM-PITANTANANA	TAHA (%)	TETIBOLA VINAVINA
FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA (fonctionnement)				
KARAMA sy TAMBIN-KARAMA				
FIAHIANA ARA-TSOSIALIN'NY MPIASA (Cnaps, CPR, CRCM)				
FANDANIANA amin'ny KOJAKOJA ILAINA @ asa birao, VIDIN-TSOLIKA sy MENAKA (fourniture de bureau, usage spécifique, carburant et combus-tibles)				
FANDANIANA HAFA (autres dépenses): fikojakojana ny trano, fikarakarana fety aman-danonana, jiro sy rano, sara-pifandraisana				
FIKOJAKOJANA fotodrafitr'asa, fiara, fitaovana informatique (ENTRETIEN bâtiment, véhicules, matériel informatique)				
FANAMPIANA ara-bola ho amin'ireo sampan-dra-haraha CSB sy EPP, hafa (transfert et subvention)				
FAMPIASAM-BOLA (Investissements)				
Sara-pikarohana (Frais de développement, de recherche et d'études ...)				
ASA FANAJARIANA (Aménagement)				
ASA FANARENANA na FANORENANA (Construction ou réhabilitation: bâtiments, Voies, réseaux)				
FAMPITAOVANA (Matériels: informatique, ...)				

Famintinana ny VOLA MIVOAKA

TAONA	2018				2019	
Sokajy	Programa 1		Programa 2		Programa 1	Programa 2
	TETIBOLA VINAVINA	KAONTIM-PITANTANANA	TETIBOLA VINAVINA	KAONTIM-PITANTANANA	TETIBOLA VINAVINA	TETIBOLA VINAVINA
FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA *(fonctionnement)*						
FAMPIASAM-BOLA *(Investissements)*						
FITAMBARANY						

2.4 Fitantanana atrikasa fanaovana tatitra sy fandalinana ny tetibola kaominina

Tompon'andraikitra amin'ny tatitra : Ben'ny Tanàna sy ny Tompon'andraikitra ara-bola.

Fomba fanolorana ny tatitra :

- Soratana mialoha amin'ny taratasy lehibe (emballage);
- Manao dika mitovy amin'ny taratasy tsotra ho zaraina amin'ny mpizaika mba ho tahirin-kevitra.

$$Taham - panatanterahana = \frac{Hatra\ na\ Tanteraka}{\text{Vinavina}} * 100$$

Votoatin'ny atrikasa

1. Fampatsiahivana / Fampahafantarana ny tetibola narafitra ny taona (n-1), tafiditra ao anatin'izany ny tetibola fanampiny sy ny tetibola fanitsiana raha toa ka nisy.

- Ny vinavina teo amin'ny lafin'ny fidiram-bola, aseho isaky ny sokajy (fampandehanan-draharaha, fampiasam-bola). Ary ny tambatry ny vola miditra ;
- Ny vinavina teo amin'ny lafin'ny fandaniam-bola, aseho isaky ny sokajy (fampandehanan-draharaha, fampiasam-bola), ary ny tambatry ny vola rehetra mivoaka.
- Ny tahan'ny fitsinjaran'ny tetibola isaky ny sokajy : firy isan-jato amin'ny tetibola ankapobeny ny tetibola natokana ho amin'ny fampandehanan-draharaha (fonctionnement) ? ny tetibola natokana ho amin'ny fampiasam-bola (investissement).

2. Fampahafantarana / fanolorana ny mpizaika ny tatitry ny fanatanterahana ny tetibola nandritra ny taom-pikatrohana teo aloha (taona n-1):

- Ny hatra na ny tanteraka teo amin'ny lafin'ny fidiram-bola, aseho isaky ny sokajy (fampandehanan-draharaha, fampiasam-bola). Ary ny tambatry ny vola niditra ;
- Ny hatra na ny tanteraka teo amin'ny lafin'ny fandaniam-bola, aseho isaky ny sokajy ihany koa (fampandehanan-draharaha, fampiasam-bola), ary ny tambatry ny vola rehetra nivoaka.

3. Fikajiana / famoahana ny taham-panatanterahana ny tetibola : firy isan-jato tamin'ny vinavina no tanteraka.

4. Fandalinana ankapobeny

a. Fampitahana ny vinavina sy ny tanteraka

EO AMIN'NY LAFIN'NY FANDANIANA	
SEHO	FANAZAVANA
1) TANTERAKA = VINAVINA	Ara-dalana ny fidiram-bola
2) TANTERAKA < VINAVINA	↘ Kely ny vola niditra ka tsy ampy nanatanterahana ny fandaniana vinavina; ↘ Nisy vinavinam-pandaniana tsy no-tanterahina ; ↘ Fampiasana ny politika fitsitsiana

Tsara ho tandremana : Eo amin'ny lafin'ny fandaniana, tsy azo atao ny manao fandaniana mihoatra amin'ny vinavina (n'inona n'inona karazana fandaniam-bola)


EO AMIN'NY LAFIN'NY FAMPIDIRAM-BOLA	
SEHO	FANAZAVANA
1) TANTERAKA = VINAVINA	Mifandanja ny totalin'ny vinavina sy ny tanteraka. Nefa tsy voatery isaky ny karazana fidiram-bola 1 dia ho tratra 100% : ↘ Misy karazana fidiram-bola nihoatra t@ vinavina no niditra ; ↘ misy karazana fidiram-bola latsaka t@ vinavina no voaray; ↘ nifameno ireo
2) TANTERAKA < VINAVINA	Misy karazana fidiram-bola ambany ny tahan'ny vola niditra (taux de recouvre-ment) na tsy niditra mihitsy (oh : fanam-piana avy any @ fanjakana na ivelany...)
3) TANTERAKA > VINAVINA	Nihoatra ny tahan'ny vola niditra tamin'ireo karazana fidiram-bola sasan-tsasany (ohatra : ristourne, hetra, fanomezan-dala-na....)

Manampy amin'ny fahazoan'ny mpizaika ny fanazavana atao ny fanehoana izany amin'ny alalan'ny kisary

Ohatra :

	TETIBOLA VINAVINA	TANTERAKA
Fampandehanan-draharaha	87 500 000	57 667 400
Fampiasam-bola	55 000 000	30 500 000
Totaly	**142 500 000**	**88 167 400**

b. Fampitahana ny vola niditra sy vola nivoaka (tanteraka)



	VINAVINA	TANTERAKA
Fampandehan-draharaha	87 500 000	57 667 400
Fampiasam-bola	55 000 000	30 500 000

SEHO				FANAZAVANA
1	VOLA NIDITRA	>	VOLA NIVOAKA	Ambony ny tahan'ny fidiram-bola, misy ny am-bim-bola (Excèdent)
2	VOLA NIDITRA	=	VOLA NIVOAKA	Nifanaraka t@ vola niditra ny fandaniana natao (zéro budget)
3	VOLA NIDITRA	<	VOLA NIVOAKA	Ambany ny tahan'ny fidiram-bola, tsy nasahana ireo fandaniana voavinavina tao anaty tetibola, misy tsy fahampiam-bola (déficit)

5. Fandalinana isaky ny Karazana fandaniana sy fidiram-bola arahina adihevitra

Isaky ny karazana fidiram-bola sy karazana fandaniam-bola dia avoaka ny tahan'ny fana-tanterahana

Ohatra

Fandaniana				Fidiram-bola			
Karazana	*Vinavina (Ar)*	*Tanteraka (Ar)*	*Taha (%)*	*Karazana*	*Vinavina (Ar)*	*Tanteraka (Ar)*	*Taha (%)*
Fampandehan-draharaha							
Hetra trano	14 400 000	9 805 000	68%	karama mpiasa	32 500 000	32 000 000	98%
Hetra tany	21 550 000	5 100 000	24%	.....			
Ristourne							
.....							
Fampiasam-bola							
Fanampiana avy @ Fanjakana	15 000 000	9 000 000	60%	Fanamboarana sekoly	11 500 000	10 000 000	87%
tolotra sy fano-mezana	20 000 000	4 000 000	20%	Lakandrano	2 500 000	2 500 000	100%
.....				fampitaovana			

Inona no **karazana fampidiram-bola tena misongadina** isaky ny sokajy (fampandeha-nan-draharaha sy fampiasam-bola) :

- Ambony ny tahan'ny vola miditra (mihoatra amin'ny vinavina no tanteraka)
- Latsaka noho ny vinavina no tanteraka nefa fidiram-bola *(ressource)* hananan'ny kaominina otrikery *(potentialité)*

Inona no karazana fandaniam-bola tena misongadina ?

- manana taha ambony indrindra amin'ny sokajy fampandehanan-draharaha
- Mihoatra tamin' ny vinavina, inona avy ireo fampiasam-bola (investissement) natao na tontosa mamaly ny filàn'ny mponina ?

Ahoana ny paik'ady hanatsarana / hampaharetana ny fidiram-bolan'ny Kaominina ka hahafahana manome fahafaham-po ny vahoaka amin'ny alalan'ny fanatsarana ny servisy atolotra na fametrahana fotodrafitr'asa manakaiky ny vahoaka ?

Ahoana ny hanazavana ny **fivoaran'ny tetibola** tao anatin'ny 2 taona nisesy ?

3


NY PAIK’ADY FAMPIDIRAM-BOLA

3.1 NY TOMBOTSOA AMIN'NY FANANANA FIDIRAM- BOLA ANATINY MATANJAKA SY MAHARITRA

3.1.1. Ny antony hanatsarana ny fampidiram-bola

Ilaina ny ananan'ny Kaominina tsirairay loharanom-bola matanjaka ho :

- Fahombiazan'ny fampandehanan-draharaha ;
- Fanatsaràna 'ny servisy atolotry ny Kaominina ny mponina ;
- Famporisihana ny fandraisan'anjaran'ny mponina amin'ny fampandrosoana ny tanàna ;
- Fanetsehena loharonom-bola sy fiaraha-miombon'antoka hafa ;
- Fanamoràna ny fanatanterahana ny vinam- pampandrosoana sy ny tetibola mifanaraka amin'izany .



3.1.2 Ny fepetra mampahomby ny fampidiram-bola anatiny

- Ny fahavononana ara-politikan'ny mpitondra hanatsara ny loharanom-bola anatiny sy handray an-tànana ny fantanterahana izany;
- Ny fahaiza-mandrindra ireo hetsika mba hifanaraka tsara amin'ny fomba fiainana sy ny toe-tsaina eo anivon'ny kaominina: atao mifanandrify amin'ny vanim-potoana ananan'ny ankamaroan'ny mponina vola ny hetsika fanangonan-ketra;
- Ny fahaiza-manomana ny paikady: ny fanadihadiana sy ny fanombanana feno sady tomombana no miantoka ny hatsaran'ny paikady ary miantoka ny fahazotoan'ny mponina hanefa ny hetrany;
- Ny fahaiza-manentana ny mponina sy fahaizana mampandray anjara ireo mpisehatra hatrany am-pamolavolana ka hatrany am-panatanterahana;
- Ny fahaizana manjohy sy manombana ny asa: ny fanjohina matotra no afahana mamaha miaraka ny olana na sakana amin'ny fanatrarana ara-potoana ny tanjona.
- Ny fampiharana ny mangarahara sy ny fanaovana tamberin'andraikitra: miantoka ny fahatokisan'ny mpandoa hetra ka hampazoto azy hanohy hatrany ny fanefana ny adidiny

3.1.3 Ireo mpisehatra amin'ny fanatsarana ny fidiram-bola ifotony

- Ny birao mpanatanteraka;
- Ny filankevitra kaominaly;
- Sampan-draharaham-panjakana: ivontoeran'ny hetra, tahirim-bolam-panjakana, distrika, mpitandro filaminana, delegem-panjakana;
- Faritra
- Olompirenena;
- Fiarahamonim-pirenena;
- Fokontany;
- Sehatra tsy miankina;
- sns...

3.1.4 Ireo loharanom-bolan'ny Kaominina voafaritry ny lalàna


3.1.4.1 Ireo loharanom-bola avy amin'ny hetra (recettes fiscales)

Karazany	Lalàna mifehy	Anjaran'ny Kaominina
Hetra tany sy hetra trano	Fehezan-dàlàna ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Hetra tambatra	Fehezan-dàlàna ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020,	50%
Hetra avy amin'ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola	Fehezan-dàlàna ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	60%
Hetra momba ny fahazoan-dàlana hikarakara tombola sy loteria ;	Fehezan-dàlàna ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	-
Hetra momba ny fazahoan-dalana ny fampiasana «billards» sy mitovitovy aminy, ny fitaovana fandefasana horonan -tsary sy « baby-foot » itadiavam-bola ;	Fehezan-dàlàna ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Ny vola fandoa mikasika ny akoran'afo (hydrocarbures)	Fehezan-dàlàna ankapobeny mifehy ny hetra (CGI)	40%
Sara amin'ny fitantanana harena ankibon'ny tany	Fehezan-dàlàna ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020,	50%
Tamberim-bidy avy amin'ny harena an-kibon'ny tany	Fehezan-dàlàna ankapobeny mifehy ny hetra (CGI), lalàna 2014-020,	60%
Haba avy amin'ny rano mineraly	làlana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Haba avy amin'ny fety lanonana sy fihetsiketsehena samihafa	lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana	100%
Haba amin'ny pylônes, relais, antenne	lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana	50%
Haba momba ny fivahinianana (hotel kintana 3 no midina)	Lalàna2014-020 fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Haba alaina amin'ny dokam-barotra	Lalàna2014-020 fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Haba alaina amin'ny rano sy ny herin'aratra	lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana	100%
Haba mikasika ireo "vélomo-teurs" sy "autres véhicules à moteur non immatriculés"	And. 209 bis ao amin'ny lalana laharana 2018 - 011 manova sy mameno ny voalazan' ny amin'ny lalàna laharana 2014 - 020	100%
Haba mikasika ireo "cyclo-pousses" sy ireo "véhicules assimilés"	And. 209 bis ao amin'ny lalana laharana 2018 - 011 manova sy mameno ny voalazan' ny amin'ny lalàna laharana 2014 - 020	100%


3.1.4.2 Ireo loharanom-bola tsy avy amin'ny hetra (recettes non fiscales)

Karazany	Lalàna mifehy	Anjaran'ny Kaominina
Haba avy amin'ny fanomezan-dàlana hanorina	Code de l'urbanisme, fanapahan'ny filan-kevitry ny Kaominina	100%
Haba amin'ny lànonana nenti-paharazana nahazoan-dàlana	lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%
Haba alaina amin'ny famonoam-biby	lalàna 2014-020	100%
Sara mikasika ny fivezivezen'ny biby	lalàna 2014-020	100%
Tamberim-bidy mikasika ny fakana ranotany, fasika sy vato	Làlàna 2014-020, fanapahn'ny filankevitry ny Faritra	50%
Tamberim-bidy alaina amin'ny vokatry ny fambolena, ny ala sy ny fiompiana	Lalàna 2014-020 fanapahan'ny filan-kevi-paritany	100%
Tamberim-bidy alaina amin'ny famoriana sy fanodinana fako sy rano maloto	Lalàna 2014-020	100%
Vola miditra avy amin'ny fananan' ny Kaominina toy ny tsena, tany, tranom-pokonolona na efitrano na kianja samihafa	Lalàna 2014-020, fanapahan'ny filankevitry ny Kaominina	100%

3.2 IREO DINGANA ARAHINA




3.2.1 Dingana 1 : Fanomanana



Fanomanana ataon'ny tompon'andraikitry ny fampidiram-bola

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fikaonan-doha ataon'ny tompon'andraikitra rehetra misahana ny fampidiram-bola (STC, percepteurs, régisseurs, ...) eo anivon' ny Kaominina ho : ↘ fanomanana ny fivorian'ny mpanatanteraka sy ny filankevitra, ↘ fanomanana ny antontan-kevitra ahafahana mandalina ny zava-misy manodidina ny fampidiram-bola eo anivon'ny Kaominina.	Ny kaontim-pitantanana sy ny tetibola nandritry ny taom-piasana telo nifandimby Fisy isaky ny sokajim-bola miditra	↘ Voaravona ny antontan-kevitry ny idiram-bolan'ny kaominina rehetra







Tsara ho fantatra


Miankina amin'ity dingana fanomanana ity ny mety ho fahatsaran'ny paikady, noho izany ilaina ny fiaraha-mientan'ny rehetra misahana ny fampidiram-bola eo anivon'ny Kaominina

Fiaraha-midiniky ny birao mpanatanteraka

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
↘ Fandalinan'ny birao mpanantateraka ireo karazam-bo-la miditra tsirairay miainga amin'ireo fisy efa nofenoina mialoha ; ↘ Fanomanana ny fiaraha-midiniky ny mpanatanteraka sy ny filankevitra, ary ny atrikasa kaominaly ; ↘ Fitanana an-tsoratra ny fivorian'ny birao mpanantanteraka (tovana 2).	Ny kaontim-pitantanana mihoatra amin'ny tetibola nandritry ny taom-piasana telo nifandimby Ny fisy mirakitra ireo soka-jim-bola miditra Lalàna mifehy ireo sokajina loharanom-bolan'ny Kaominina	Fantatra ny antsipirihiny mikasika ny sokajim-bola miditra Voafaritra izay mety ho mpandray anjara, ny daty sy toerana hanaovana ny atrikasa Kaominaly momba ny fampidiram-bola








Tsara ho fantatra


Jerena ihany koa ireo sokajina loharanom-bola voafaritry ny lalàna nefa tsy mbola mihatra eo anivon'ny Kaominina

Fiaraha-midiniky ny birao mpanatanteraka sy ny filankevitra

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fandalinana miaraka (diagnostic et analyse) ireo karazam-bola miditra tsirairay miainga amin'ireo fisy efa nofenoina mialoha Famantarana ireo sokajina fidiram-bola matanjaka eo amin'ny Kaominina Fifampizarana ny fomba fijery sy ny vina amin'ny fampidiram-bola Fankatoavana ny fanatanterahana ny atrikasa kaominaly ho fanatsarana ny fampidiram-bola Firaketana an-tsoratra ny fiaraha-midinika (tovana 3)	Ny kaontim-pitantanana sy ny tetibola nandritry ny taom-piasana telo nifandimby Ny fisy isaky ny sokajim-bola miditra	Fantatra ny loharanom-bola matanjaka Voaomana ny atrikasa kaominaly ho fanatsarana ny fampidiram-bola Voafaritra ny lisitry ny mpandray anjara, ny daty sy toerana hanaovana ny atrikasa Kaominaly








Tsara ho fantatra


Safidiana tsara ny olona heverina ho mahatarika sy mahasolo tena ireo mpandoa hetra indrindra amin'ny sokajina loharanom-bola matanjaka ho an'ny Kaominina handray anjara amin'ny atrikasa

3.2.2. Dingana 2 : Famolavolana ny paikady hanatsarana ny fampidiram-bola anatiny




Atrikasa kaominaly:

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
↘ Fampafantarana ny besinimaro ny zava-misy vokatry ny asa fanomanana (diagnostic) Fandalinana sy fanombanana miaraka ny zava-misy : ↘ ny ezaka efa natao ↘ ny vokatra azo ↘ ny antony mahatonga izany ↘ ny olana na ny sakana misy amin'ny sokajina loharanom-bola, ny tombon-dahiny sy ny otrikarena mbola azo trandrahana Fanolorana tolo-kevitra fanatsarana ny fampidiram-bola tsirairay avy Famaritana miaraka ny tanjona hotratrarina. Fananganana ny komitin'ny fampidiram-bola Firaketana an-tsoratra ny atrikasa	Tabilao fandalinana sy fanombanana ny zava-misy Fisy vola miditra	Fantatra ireo antony niteraka ny tsy fahombiazana Mazava ny sori-dàlana handrafetana ny paikady fanatsarana.








Tsara ho fantatra

Tsara kokoa raha misy olona efa havanana ivelan'ny Kaominina manentana/manamora ny atrikasa, azo atao fomba fiasa mandritry ny atrikasa ny fanaovana asam-baomiera isaka ny sokajina fidiram-bola manan-danja eo amin'ny kaominina

Fandrafetana ny paikady

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fandravonana ny tolo- kevitra fanatsara-na, famadihana izany ho paikady ataon'ireo tompon'andraikitra sy ny Noyau dur ny Rafitra ifotony Fikaonan-doha Fifantohana amin'ireo loharanom-bola matanjaka Fandrafetana ny paikady Fandrafetana ny drafitrasa ho entina manatanteraka ny paikady Fanendrena ny mpikambana amin'ny Komity ny fampidiram-bola	Tabilao mirakitra ny vokatry ny tombana Tabilao mirakitra ny drafitrasa Torolàlana fanetsehena ny hetra tany sy hetra trano Torolàlana fanetsehena ny hetra tambatra Torolàlana fitantanana ny tsena kaominaly	Voarafitra ny paikady fanat-sarana mirafitra toy izao : Ny tanjona sy ny vina Ny drafitrasa fanatante-rahana isaky ny sokajina fidiram-bola Ny fomba fanjohina ny fa-natanterahana ny paikady







Tsara ho fantatra

Ampiasaina ireo torolàlana efa misy hanatevenana ireo asa hotanterahina mahaka-sika manokana ny hetra tany sy trano ary ny hetra tambatra

Komity fampidiram-bola: tsara raha ahitàna solon-tenan'ny Birao mpanatanteraka, Fi-lan-kevitra, Servisy teknika ifotony, Fiaraha-monim-pirenena na olom-pirenena tsotra manana fahaizana manokana, Mpandraharaha. Tokony ho samy manana ny mampiavaka azy ny kaomina tsirairay arakaraky ny fironan'ny Paik'ady fampidiram-bola;

Ohatra raha ny hetran-tany sy trano no manan-danja sady tiana hatsaraina, ny Komi-tin'ny fampidiram-bola dia tsara raha ahitàna olom-pirenena mahalàla sy afaka hitondra ny feon'ny olona mpandoa hetra, ka ny rehetra no miara-midinika izay olona mety amin'izany.

Fankatoavana ny paikady

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fankatoavana ataon'ny Ben'ny tanàna Fankatoavan'ny filankevitra Kaominaly ny paikady sy ny tetibola ho enti-manatan-teraka izany	Paikady Tetibola	Vita fankatoavana ny paikady sy ny fanatantera-hana izany Voatendry amin'ny fomba ofisialy ao amin'ny kaomina araky ny fanapahan'ny filan-kevitra kaominaly ny mpikambana ao amin'ny komitin'ny fampidiram-bola








Tsara ho fantatra

Atao peta-drindrina ny didy nanendrena ny noyau Dur ny Rafitra Ifotony
Fikaonan-doha ary ny drafitrasa novolavolaina hanatanterahana ny paikady


3.2.3 Dingana faha 3: Fanantaterahana ny paikady sy fanjohina



Fanatanterahana paikady

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fanatanterahana ny asa sy ny hetsika rehetra araka ny voasoritra ao anatin'ny drafitrasa	Tabilao mirakitra ny drafi-trasa Torolàlana fanetsehena ny hetra tany sy hetra trano Tari-dàlana famorian-ketra Torolàlana fanetsehena ny hetra tambatra Torolàlana fitantanana ny tsena kaominaly	Mizotra tsara ny fanatan-terahana ny hetsika sy asa voafaritra ao anatin'ny paikady









Tsara ho fantatra

Samy manana ny loharanom-bola matanjaka mampiavaka azy avy ny Kaominina ka tsy voatery hitovy ny paikady hanatsarana izany

Fanjohina ny fanatanterahana ny paikady

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fijeren'ny Komitin'ny Fampidiram-bola ny sakana na olana eny an-dalam-panatanterahana Famaritana ny asa fanatsarana na fanitsiana tokony ho atao	Drafitrasa Boky fanaraha-maso ny fidiram-bola ny kaomina Tabilao fanjohina sy fanombanana ny vola miditra isan-tsokajiny (tableau de bord fiscal, tovana 6)	Fantatra ny lesoka sy ny sakana tamin'ny fanatanterahana Fantatra ny fivoaran'ny fidiram-bola isan-tsokajiny Voafaritra ny asa fanatsarana na fanitsiana








Tsara ho fantatra


Tsy voafetra ny fe-potoana hanaovana ny fanjohina fa miankina amin'ny fizotry ny asa voafaritra ao anaty paikady (mety ho isan-kerinandro na isam-bolana)


3.2.4 Dingana faha 4 : Fanombanana sy fanaovana tamberin' andraikitra




Fanombanana anatiny

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fanombanana ataon'ny mpanatanteraka sy ny filankevitra ary ny Komitin'ny Fampidiram-bola ao amin'ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha ny niatrehana ny paikady fanatsarana ny fampidiram-bolan'ny Kaominina Firaketana an-tsoratra ny fanombanana (tovana 7,8)	Tabilao fanjohina ny fanatanterahana ny asa Tabilao fanjohina ny vola miditra isan-tsokajiny Tabilao fanombanana ny ezaka natao	Voahitsy ny lesoka tamin'ny famolavolana sy fantanterahana ny paikady fanatsarana ny fampidiram-bola








Tsara ho fantatra


Anaovana jeritodika avokoa ny dingana rehetra mba ahafahana manatsara ny fomba fiasa amin'ny paikady manaraka

Fanombanana ifotony

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fanombanana ataon'ireo ankolafin-kery samihafa mivondrona ao amin'ny Rafitra Ifotony Fikao-nan-doha ny niatrehana ny paikady fanatsarana ny fampidiram-bolan'ny Kaominina Firaketana an-tsoratra ny fanombanana ifotony (tovana 7,8)	Tatitry ny fanjohina ny fa-natanterahana ny asa Tabilao fanjohina ny vola miditra isan-tsokajiny Tabilao fanombanana ny ezaka natao	Mahatsapa ho tompon'an-draikitra amin'ny vokatra azo ny olompirenena Voahitsy ny lesoka tamin'ny paikady notanterahina








Tsara ho fantatra


Ny olona ivelan'ny ekipa kaominaly no mandray anjara amin'ity tombana ity. Azo ampiarahina amin'ity fanombanana ifotony ity ny fanombanana ny fitantanana ny kaominina (jereo ny antsipirihiny any amin'ny tari-dàlana fampiharana ny tetibola ifarimbonana)

Fivoriana fanombanana iombonana

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fanomanana sy fanaovana atrikasa kaominaly hanaovana tombana miaraka Fampihaonana ny vokatry ny fanombanana roa teo aloha Fanazavana ny tsy fito-viam-pijery Fanomezana tolo-kevitra fanatsarana ny fampidiram-bola	Tabilao mirakitra ny fa-nombanana isam-bondrona (anatiny sy ifotony) Tabilao mirakitra ny vola miditra isan-tsokajiny Tabilao fandravonana ny fanombanana	Voafaritra ny ezaka tokony atao hanatsarana ny paikady fampidiram-bola








Tsara ho fantatra

Azo atao tsara ny mampiaraka ny fanombanana ny fanatsarana ny fampidiram-bola sy ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana.

Fanaovana tamberin’andraikitra

Asa atao	Fitaovana ampiasana	Vokatra andrasana
Fanomanana sy fanaovana tatitra ho an’ny mponina Fanaovana tatitra ho an’ny isan’ ambaratonga (Distrika, mpiara-miombon’antoka samihafa, ...) Fanomanana ny taom-piasana manaraka	Tatitry ny fanombanana iombonana Tabilao mirakitra ny vola miditra Fitaovan-tserasera mahomby	Mitombo ny fifampitokisana eo amin’ny mpandray anjara rehetra Miha tafiditra an-tsehatra amin’ny fitantanana ny kaominina ny mponina







Tsara ho fantatra

Misy lanjany lehibe eo amin’ny fanaovana tatitra eny ifotony ny fizarana ny traikefa mahomby ataon’ny mpisehatra nandray anjara tamin’ny paikady fanatsarana ny fampidiram-bolan’ny kaominina. Mety amin’ny fotoana rehetra ny fanaovana tamberin’andraikitra

4

TOVANA

Oh : tamberim-bidy						
Laharana ao amin'ny tetibola farany						
Laharana ao amin'ny kaontim-pitanta-nana (CA) farany						
DIDY AMAN-DALANA MIFEHY						
CGI						
Lalàna 018/2014						
Actes communaux	Fanapahan-kevitra (délibération)					
	Didim-pitondrana (Arrêté)					
	Fanapahana (Décision)					
	Dina					
Lalàna hafa						

MPANDOA VOLA				
Iza avy ?				
	Taona 1	Taona 2	Taona 3	Taona 4
Ny tokony handoa				
Ny mpandoa vola voaisa				
Ny tena mandoa				
	Taona 1	Taona 2	Taona 3	Taona 4
Taha ampiharina				

VOKATRA AZO				
	Taona 1	Taona 2	Taona 3	Taona 4
Voaangona (Ar)				
moyenne/mponina (Ar)				
Voaangona/vinavina tetibola				
Voaangona/totalin'ny vola miditra				
FANDAMINANA NY FAMPIDIRAM-BOLA				
Tompon'andraikitra voalohany				
Isan'ny mpiasa miandraikitra ny fampidiram-bola	Taona 1	Taona 2	Taona 3	Taona 4
Mpiasa na servisy tompon'andraikitra	Andraikitra			
Servisy hafa ivelan'ny Kaominina manana andraikitra amin'ny fampidiram-bola				

Tovana 2 :

Tabilao fanombanana miaraka ny zava-misy ankehitriny

KARAZANA VOLA MIDITRA ANATINY	ZAVA-MISY ANKEHITRINY	TOMBANA	TOLO-KEVITRA FANATSARANA
Hetra tany sy trano			
Hetra tambatra			
Hetra amin'ny fahazoan-dàlana hivarotra zava-pisotro misy alikaola			
Tamberim-bidy			
Soram-piankohonana			
Sara avy amin'ny fanamarinan-tsonia			
Haban-tsena			
Hofan-trano (tsena, tranom-pokonolona, trano hafa,...)			
Sara fanomezan-dàlana			
Vinety (sarety, moto, bisikileta			

ZAVA-MISY ANKEHITRINY:

(Ny vokatra azo ankehitriny : ny fivoarany nandritry ny telo taona farany, ny taha ampiharina, ny lamina fampidirana ny vola, ny ezaka efa natao, ny fanaraha-maso, ny fanombanana sy fanjohina atao...)

TOMBANA:

(Ny antony manazava ankapobeny ny zava-misy ankehitriny, iza avy ny tokony handoa io vola io ? iza no mpandoa ? ny tombony sy ny otrikarena, ny olana sy ny sakana)

Tovana 3:

Modelin'ny drafitrasa.

KARAZANA VOLA MIDITRA ANATINY	Tanjona (vokatra andrasana)	Hetsika/ asa atao	Tompon' andraikitra	Fitaovana/ enti-ma-nana	Faharetany	
					Fiando-hany	Fiafarany
Hetra tany sy hetra trano						
Hetra tambatra						
Hetra amin'ny fahazoan-dàlana hivarotra zava-pisotro misy alikaola						
Tamberim-bidy						
Soram-piankohonana						
Sara avy amin'ny fanamari-nan-tsonia						
Haban-tsena						
Hofan-tra-no (tsena, tranom-pokonolona, trano hafa,...)						
Sara fanome-zan-dàlana						
Vinety (sarety, moto, bisikileta)						

Tovana 4 :

Fanamarinana fivoaham-bokatra

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

FARITANY:

FARITRA:

DISTRIKA:

KAOMININA:

FANAMARINANA FAMOAHAM-BOKATRA

(Attestation de sortie des produits forestiers, locauxet d'élevage)

Ny Ben'ny Tanàna eto amin'ny Kaominina ..... dia manamarina fa :
Andriamatoa/Ramatoa:
NIF:
STAT/
Fiara laharana:
Kitansy kaominaly laharana:
Dia hitondra ny vokatra voaangony teto ..... any .....

KARAZANY	LANJANY/ISANY	FANAMARIHANA

Daty,

Sonian'ny Ben' ny Tànàna

Tovana 5 :

Fanomezan-dàlana hitrandraka « carrière »

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

FARITANY:

FARITRA:

DISTRIKA:

KAOMININA:

FANAPAHANA laharana faha

Ny Ben'ny Tànàna

- Araka ny lalam-panorenana
- Araka ny lalàna faha 94-007 tamin'ny 26 avril 1995, mamaritra ny fahefana sy ny tandri¬fim-pahefana ary ny loharanom-bolan'ny vondrom-paritra
- Araka ny lalàna faha 94-008 mamaritra ny fandaminana sy ny fampandehanana ary ny andraikitry ny vondrom-paritra
- Araka ny fanapahana faha …… tamin'ny …….. namoaka ny voka-pifidia¬nana kaominaly izay natao ny ……
- Araka ny didim-panjakana
- Araka ny fanapahan-kevitra kaominaly laharana ……. tamin'ny ……mametra ny tamberim-bidy

DIA MANAPAKAFA :

Andininy 1: omena alàlana Andriamatoa/Rama¬toa……..

Tompon'ny karapanondrom-pirenena laharana ……. monina ao……hitrandraka ny carrière ao amin'ny ampahan-tany an-dR…….ao……..Fokonta¬ny…….hamokatra vato malao gravillon sy ny sisa

Andininy 2: ny mpitrandraka dia tsy maintsy mandoa ny tamberim-bidy mifanaraka amin'ny vokatra

Andininy 3: manan-kery avy hatrany ity raha vao ampafantarana ny be sy maro ary mandritra ny herin-taona

Natao androany.....

Ny Ben'ny Tànàna

Dika mitovy :

- Alefa amin'ny Lehiben'ny Distrika
- Arsiva
- Peta-drindrina
- Sefo Fokontany
- Ny nomena alàlana

Tovana 6 :

Tabilao fanjohina sy fanombanana ny fanatanterahana ny asa fanatsarana voafaritra. Daty nanaovana ny fanjohina

KARAZANA VOLA MIDITRA ANATINY	Tanjona (vokatra andrasana)	Vinavina	Tompon' andraikitra	Fahavitany	Sakana na olana	Fanatsarana
		Hetsika/ asa atao	Faharetany			
Hetra tany sy trano						
Hetra tambatra						
Hetra amin'ny fahazoan-dàlana hivarotra zava-pi-sotro misy alikaola						
Tamberim-bidy						
Soram-piankoho-nana						
Sara avy amin'ny fanamarinan-tsonia						
Haban-tsena						
.....						

Tovana 7 :

Tabilao fanjohina sy fanombanana ny vola miditra isantsokajiny (tableau de bord fiscal)

Karazany	Tanjona taona (Ar)	Vokatra azo			Elanelana	Fanamarihana
		Voaangona teo aloha	Voaangona tamin'ity volana ity (recettes du mois)	Fitambarany (Cumul des recettes)		
Hetra tany sy hetra trano						
Hetra tambatra						
Tamberim-bidy						
Hetra amin'ny fahazoan-dàlana hivarotra zava-pisotro misy alikaola						
Hofan- trano						
Sara						
.....						

Tovana 8 :

Tabilao fanaovana tomban'ezaka

Tanjon'ny paikady	Tomban'ny Vokatra azo			Fanamarihana : fanazavana ny vokatra azo sy ny antony nahatonga azy, ny fanatsarana tokony hatao
	Tsara	Antoniny	Ratsy	
Tanjona ankapobeny				
Fampiharana ny Mangarahara				
Fampandraisan' anjara ny olom-pirenena				
Fanatanterahana ny asa sy ny hetsika voafaritra				
Asa 1				
Asa 2				
Asa 3				
Asa 4				
.....				
Vokatra nandrasana isaky ny sokajim-bola miditra				
Vola miditra 1				
Vola miditra 2				
Vola miditra 3				
Vola miditra 4				
Vola miditra 5				
.....				

Tsara : tratra ny tanjona **Antoniny** : tratra amin'ny ampahany **Ratsy** : tsy tratra ny tanjona

LOHATENY
KAOMININA

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

FILAZANA FANDOAVAN-KETRA

- Hetran-tany (IFT) : ☐
- Hetra-trano (IFPB) : ☐

Anarana sy fanampiny: .....

Karam-panondro laharana:.....

Adiresy:.....

Araky ny fanambarana nataon'Atoa/Rtoa …….. (Anaran'ny olona nanao fanambarana)……..., sy ny fanisana ireo singafototra misy eo am-pelatanan'ny Sampandraharaha, dia ferana toy izao manaraka izao ny hetran-tany(IFT) - Hetran-trano(IFPB)(1) aloanao ho an'ny taona ....

TOERANA MISY NY TANY/TRANO	NY MPAMPIASA NY TANY/ TRANO (T na H)	NY AMPIASANA AZY (T na H)	FOTROTRA AMERANA NY HETRA	TAHA / SANDA	HETRA NY TAONA TEO ALOHA	HETRA ALOA

FITAMBARAN'NY VOLA ALOA

Faranana ity filazana fandoavan-ketra ity amin'ny tambatra:
Iangaviana ary ianao mba handoa io vola voalaza io eny amin'ny Biraon'ny Kaominina, ao anatin'ny telo volana.

FANAMARINAN'NY IVON-KETRA

Daty


Ny BEN'NY TANANA

(1) Farito izay mikasika anao


Tovana 10 :

Tsiahy ny fanatsarana ireo loharanom-bola fototra iombonan'ny Kaominina amin'ny ankapobeny


Fanatsarana ny hetra tany sy trano



Fitantanana ny hetra tambatra



Fitantanana ny tamberim-bidy



Tovana 11 :

BOKY FANARAHA-MASO NY ASA FAMPIDIRAMBOLA NY KAOMINA

BOKY FANARAHA-MASO NY ASA FAMPIDIRAMBOLA NY KAOMINA

TAONA (Exercice) :……..

FARITANY (Province) :

FARITRA (Région) :

DISTRIKA (District) :

KAOMININA (Commune) :

KARAZANA (Catégorie) :

- CU
- CR 1
- CR 2

ANARAN'I BEN'NY TANANA (Nom du Maire) :

ANARAN'NY MPANAMORA (Nom du facilitateur) :

A. MOMBA NY KAOMININA

- HABEN'NY KAOMININA (Superficie de la Commune):
- ISAN'NY MPONINA (Nombre de la population):

TOTALINY (Total):	LAHY (Homme):	VAVY (Femme):

- ISAN'NY MPIFIDY (Nombre des électeurs):

TOTALINY (Total):	LAHY (Homme):	VAVY (Femme):

LISITRY NY FOKONTANY (Liste des Fokontany)

FOKONTANY (Fokontany)	ISAN'NY OLONA (Nombre de la population)	ELANELANA MIALA AMIN'NY KAOMININA (KM) (Distance par rapport au chef lieu de la Commune)	ANARAN'NY LEHIBEN'I FOKONTANY (Nom du Chef Fokontany)
1-			
2-			
3-			
4-			
5-			
6-			
7-			
8-			
9-			
10-			
11-			
12-			
13-			
14-			
15-			
16-			
17-			
18-			
19-			
20-			

N°	ASA HATAO	FE-POTOANA	TOMPON'AN-DRAIKITRA	TOERANA	MPIARA MIOM-BON'ANTOKA	FANAMARIHANA
B	HETRA IFOTONY (FISCALITE LOCALE)					
B1	DIAGNOSTIC DES RESSOURCES PROMO-TEUSES					
B2	ELABORATION ET MISE EN OEUVRE DES STRATEGIES DE RELANCE DE LA FISCALITE LOCALE					
B3	RECENSSEMENT DES CONTRIBUABLES (IFT/ IFPB, IS, produits,….)					
B4	EDITION ET HOMO-LOGATION DES AVIS D'IMPOSITION					
B5	DISTRIBUTION DES AVIS D'IMPOSITION					
B6	RECOUVREMENT DES IMPOTS					
B7	EVALUATION DES STRATEGIES					

B- FIOFANANA/TANTSOROKA (Formation et accompagnement)

N°	Daty nanaovana ny fiofanana (Date de la formation)	Votoatiny (Thème)	Ny mpandray anjara (Participants)	Ny mpampiofana (Formateurs)	Tahan'ny Fitombon'ny fahalalana (Taux d'augmentation de connaissance)	Fanamarihana (Observations)

E. FAMPINDRAM-BOLA KAOMINALY

a. NY PAIKADY SY IREO ASA VITA

HETRA TANY (IFT)

Tanjona :……Ar

N°	Daty	Asa natao	Dingana vita	Tompon'andraikitra	Fanamarihana

HETRA TRANO (IFPB)

Tanjona :……Ar

N°	Daty	Asa natao	Dingana vita	Tompon'andraikitra	Fanamarihana

HETRA TAMBATRA (IS)

Tanjona :……Ar

N°	Daty	Asa natao	Dingana vita	Tompon'andraikitra	Fanamarihana

HABA (Taxes et Licences)

Tanjona :……Ar

N°	Daty	Asa natao	Dingana vita	Tompon'andraikitra	Fanamarihana

TAMBERI-BIDY (Redevance/ Ristourne)

Tanjona :……Ar

N°	Daty	Asa natao	Dingana vita	Tompon'andraikitra	Fanamarihana

HAFA

Tanjona :……Ar

N°	Daty	Asa natao	Dingana vita	Tompon'andraikitra	Fanamarihana

b. Vokatra azo (Résultats)

1/ Tahan'ny fidiran-ketra

Volana	IFT (Ar) Tanjona: .....Ar			IFPB (Ar) Tanjona: .....Ar			HETRA TAMBATRA (Ar) Tanjona: .....Ar		
	Niditra	Tambatra	% (Tanjona)	Niditra	Tambatra	% (Tanjona)	Niditra	Tambatra	% (Tanjona)

Volana	HABA (Ar) Tanjona: .....Ar			TAMBERI-BIDY (Ar) Tanjona: .....Ar			HAFA (Ar) Tanjona: .....Ar		
	Niditra	Tambatra	% (Tanjona)	Niditra	Tambatra	% (Tanjona)	Niditra	Tambatra	% (Tanjona)

2/ Komitin’ny hetra

Daty nitsanganany:

Ireo mambra:

N°	Anarana (Nom)	L/V (H/F)	Andraikitra eo anivon’ny Komity (Responsabilité)	Andraikitra andavan’andro (Fonction)

D. FITSIDIHANA *(Visites d'appui et de suivi au niveau de la commune)*

FITSIDIHANA (Déscente)					
Daty (Date)	Antony (Objet)	Olona na vondron'olona nihaonana (Personne ou goupe visité)	Mety (Ce qui est Satisfaisant)	Tsara harenina (Ce qui nécessite des Améliorations)	Fanamarihana (Observation)